REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

VINAVINAN-DALANA LAHARANA FAHA-2005-041 tamin'ny 23 novambra 2005 manova ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalana laharana faha-2004-004 tamin'ny 26 jolay 2004 mamaritra ny sori-dàlana ankapoben'ny Rafitra Fanabeazana sy Fampianarana ary Fanofanana eto Madagasikara

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny fandrosoan'ny toekarena manara-penitra eto Madagasikara dia miankina indrindra amin'ny fananana mpiasa izay manana fahelan-taompianarana ambony kokoa. Ny fahaiza-manao ambany ananan'ny olona dia tsy ahazoana maminavina fatram-pamokarana tena ilaina kokoa. Ny faharetan'ny taom-pianaran'ireo olon-dehibe dia eo amin'ny 4,4 taona tamin'ny 2001, izay ahazoana manasokajy an'i Madagasikara ho ao anatin'ireo firenena manana fari-pahaiza-miasa ambany kanefa azo lazaina fa ireo firenena izay nahavita taom-pianaran'ny lehibe mihoatra ny 6 taona kosa dia mampiseho fahabetsaham-pamokarana ambony kokoa.

Noho izany ny fanitarana ny faharetan'ny taom-pianarana dia ilaina tokoa ary ny fampianarana fototra maharitra 9 taona dia efa voafetran'ny lalàna, na dia mbola ho tanterahana aza ny endrika sy tarigetram-panofanana ara-kasa.

Kanefa ny sandam-bidin'ny fampianarana ambaratonga faharoa dia avo tokoa, saika avo 3 heny ny saran'ny dingana voalohany ny an'ny dingana faharoa ambaratonga voalohany ary avo 6 heny ny an'ny ambaratonga faharoa. Etsy an-daniny, ny rafitra ankehitriny dia manamafy ny tsy fitoviana ara-tsosialy satria ireo tena mahantra dia tsy manam-bitana loatra hiditra any amn'ny Kolejy.

Manoloana io toe-javatra io, ny safidy atolotry ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena dia ny fanitarana ny dingana voalohany amin'ny alalan'ny fametrahana fanabeazana fototra maharitra 9 taona, araka izay voalaza ao amin'ny sori-dàlana vaovao ifotoran'ny fanabeazana eto Madagasikara.

Miova arakaraky ny firenena ny fandaminana ny lentam-pampianarana dingana voalohany sy faharoa. Ny firenen-tsamihafa dia mamaritra ny rafiny avy arakaraky ny faharetan'ny fianarana tsy maintsy atao sy ny tarigetran'ny. I Madagasikara dia anisan'ireo firenena vitsy manana rafi-pampianarana dingana voalohany maharitra 5 taona.

Inona avy ireo tombotsoan'ny fanitarana ny faharetan'ny fampianarana dingana voalohany?

- Eo amin'ny lafiny ara-tsosialy sy toe-karena :
  - ✓ Fahaiza-manao mendrika sy fanomanana tanora sy tovovavy maro ho amin'ny asa aorian'ny fampianarana dingana voalohany.
  - ✓ Fampanantonana kokoa ny faran'ny taom-pianarana ho an'ireo ankizy maro tonga eo amin'ny taona ara-dalàna ahafahana miasa.
  - ✓ Fanakelezana ireo fandaniam-pianarana isam-batan'olona ho an'ireo fianakaviana mahantra ny fampianarana ao amn'ny dingana voalohany amin'izany dia maimaimpoana ary ireo fandaniana momba ny fampianarana amin'ny dingana faharoa dia mihena.

- Eo amin'ny fahazoana miditra sy ny ara-drariny :
  - ✓ Fahaiza-manao ambony kokoa ho an'ny ankamaroan'ireo ankizy mahantra sy tovovavy izay tsy afaka hanantena hanatanteraka fianarana an-tsekoly mihoatra ny 5 taona amin'ny rafitra misy ankehitriny.

- ✓ Fampihenana ny fahelan'ny fianarana dingana faharoa izay hampisy toerana banga sy hahazoana mampitombo ny fahafahana miditra any amin'ny Kolejy.

- Eo amin'ny lafin'ny fahatomombanana kalitaon'ny rafitra :
  - ✓ Fitaran'ny fahalavan'ny dingana voalohany izay hahatonga fanomanana tsaratsara kokoa ho amin'ny fampianarana ambaratonga faharoa sy fanamafisana ny fahaizana an-tsekoly efa azo.

Mba hanarahana io fanapahan-kevitra hanitatra ny fahalavan'ny dingana voalohany io, ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena dia haka ny fepetra ilaina ho fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana ambaratonga voalohany izay tsy azo avela mba hahatonga ny dingana voalohany maimaimpoana hivadika ho fahaiza-manao sy ventim-pamokarana sy hiantohana vokatra ara-tsosialy sy isam-batanolona mivaingana.
Ankoatr'izany, miaraka amin'ny fanambaran'ireo mpiara-miombonantoka iraisam-pirenena hanohana Fampianarana Ambaratonga Voalohany Maneran-tany tokana amin'ny faramparan'ny taona 2015, dia azo atao ny fiaraha-midinika momba ny fandraisana an-tanan'ny mpiara-miombonantoka ny sara fanampiny ateraky ny fanitarana ny dingana any voalohany ary hafahana mametraka enti-manana misimisy kokoa ho an'ny fampianarana ambaratonga faharoa voarindra ary tohanana ara-bola.

Ny safidy hanitatra ny dingana voalohany no atolotra. Marina fa raha endrika iray mety amin'ny ankamaroan'ny firenena ny dingana voalohany maharitra enin-taona, dia manakorontana ny fandaminan'ny fanabeazana fototra ankehitriny kosa satria ny taona roa voalohany amin'ny fanabeazana fototra dingana faharoa dia zary tarajam-pandinihana iray ihany. Arak'izany ny dingana voalohany maharitra 7 taona dia mifanaraka amin'ny fandaminan'ny fanabeazana fototra dingana faharoa ankehitriny ary hahazoana fampiasana tsaratsara ny mpampianatra.

Ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena dia manaiky ny ilana ny famaritana indray ny tarehin-javatra aorian'ireo taona roa amboniny amin'ny dingana voalohany ireo izay mifanaraka amin'ny taranjam-pandinihan'ny fanabeazana fototra dingana faharoa ankehitriny, ary koa ny fanajana ny fahaizana azo aorian'ny taona roa amboniny.
Amin'ny safidy hanitatra ny dingana voalohany ho 7 taona :

1. Ny taha-pamitana ny dingana voalohany dia tsy miova raha oharina amin'ny tarigetran'ny Planina Fanabeazana ho an'ny Rehetra (ny zato isan-jato dia hahavita ny 7 taona ao amin'ny dingana voalohany amin'ny taona 2015)
2. Hihatsara ny taham-pahavelomana eo anivon'ny fanabeazana fototra dingana faharoa satria ny ampahany betsaka amin'ny fampianarana ao amin'ny dingana voalohany dia manampy amin'ny fanomanana tsara kokoa ho amin'ny Kolejy.
3. Ny taham-pianarana an-tsekoly ao amin'ny fanabeazana fototra dingana faharoa dia mitombo satria hisy tombony ara-bola mety ho azo avy amin'ny fihenan'ny taom-pianarana. Raha ho lazaina amin'ny teny hafa, ny fitaran'ny dingana voalohany dia hafahana manahena ny vola lany nefa hahazoana taham-pandalovana sy fianarana an-tsekoly tsara kokoa.

Na izany aza, na inona na inona endrika, ny fitaran'ny dingana voalohany dia mila fotoam-panomanana satria izany dia mitaky eo an-daniny fampitomboana ny fahafahana ankehitriny manorina trano fianarana sy fanofanana mpampianatra, ary eo an-kilany, fanavaozana ny fombafomba izay tokony atao ao anatin'ny faritra na fomba fiasa ara-drafitra iray miaraka amin'ny fandraisana anjaran'ireo vondrona ivelan'ny rafi-panabeazana.

Noho izay voalaza izay, ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena dia manolotra fanovana sasantsasany amin'ny Lalàm-panoritana laharana faha 2004-004. Amin'ny ankapobeny, izany tolo-panovana izany dia mikasika ireo lafiny momba izay endrika vaovao, nefa mikasika koa fanatsarana sasantsasany eo amin'ny lafiny teknika. Ireo fanovana ireo dia aseho ao anatin'izao tabilao manaraka izao :

RIJAN-TENY	FANOVANA	FANAMARINANA
And. 28 – NY SEKOLIN-JAZA dia ahitana : - ireo toeram-pitaizana izay mandray an-tànana ireo zazakely aotra ka hatramin'ny roa taona ;	**And.28** – NY SEKOLIN-JAZA dia ahitana : - ireo toeram-pitaizana izay mandray an-tànana ireo zazakely manomboka ny fahaterahany ka hatramin'ny roa taona ;	Ny fiteny "aotra" dia miroritra amin'ny fifanjevoana sy hipetraka eo amin'ny hevitra mbola torontoronina izany hoe amin'ny fisian'ny olombelona ihany mitoe-jaza ao antin'ny n'ny kibon'ny reniny.
And. 39 - Sivy taona no faharetan'ny fanabeazana fototra.	**And. 39** – Folo taona no faharetan' ny fanabeazana fototra.	Folo taona araka ny endriny Vaovao.
And. 40 - Ny andraikitry ny fanabeazana fototra dia ny fampianarana ireo ankizy sy ireo tanora sy ny fitarihana azy mba hananan'izy ireo fahalalana ara-piheverana sy iatrehan'asa izay tena ilaina amin'ny fidirany mahomby amin'ny fiainana avy hatrany na ho amin'ny fampianarana ambaratonga faharoa.	**And. 40** - Ny andrikitry ny fanabeazana fototra dia ny fampianarana ireo ankizy sy ireo tanora sy ny fitarihana azy mba hananan'izy ireo fahalalana ara-piheverana sy iatrehan' asa izay tena ilaina amin'ny fidirana mahomby amin'ny fampianarana ambaratonga faharoa na ho amin'ny fanofanana ara-teknika sy amin'asa aman-draharahana ho amin'ny fiainana avy hatrany.	Ny fanofanana ara-teknika sy amin'asa aman-draharaha dia marina tokoa ny làlana ivoahana azo atao ho an'ireo mpianatra ao amin'ny fanabeazana fototra.
And. 41 - Misy dingana roa ny fanabeazana fototra : - ny fanabeazana fototra dingana voalohany (EF1) maharitra dimy taona ; - ny fanabeazana fototra dingana faharoa (EF2) maharitra efa-taona.	**And. 41** - Misy dingana roa ny fanabeazana fototra : - ny fanabeazana fototra dingana voalohany maharitra fito taona ; - ny fanabeazana fototra dingana faharoa maharitra telo taona.	Araka ny endriny vaovao
And. 42 - Ny fanabeazana fototra dingana voalohany omena any amin'ny Sekoly ambaratonga voalohany, dia manana tanjona manokany : - ny fahazoana fahaiza-manao fototra eo amin'ny sehatry ny fahalalàna sy ny fahatsapana ary ny fitiavana ; - ny fitarihana ho amin'ny soatoavina amin'ny maha-olom-pirenena sy amin'ny maha-tera-tany ary ny fitakian'ny fiaraha-miaina ; - ny fifehezana ny tontolo	**And. 42** - Ny fanabeazana fototra omena lalana Folo taona dia manana tanjona manokana : - ny fahazoana fototra eo amin'ny sehatry ny fahalalàna sy ny fahatsapana ary ny fitiavana ; - ny fitarihana ho amin'ny soatoavina amin'ny maha-olom-pirenena sy amin'ny maha-teratany ary ny fitakian'ny fiaraha-miaina ; - ny fifehezana ny tontolo manodidina	Fanitsiana ny fahazoana ho an' mpianatra noho ny tatitry ny endriny vaovao

manodidina teknika, ara-potoana sy ara-paritra ; Ny faran'ny dingana voalohany dia sandaina amin'ny fanomezana "Certificat ».	teknika ara-potoana sy ara-paritra ; - fampandrosoana ny fahaiza-manao ilain' ny mpianatra eo amin'ny fiainana andava- nandro : mamaky teny, mifandray am- bava sy an-tsoratra sy amin'ny tenim- pirenena ary fifehezana teny vahiny roa ; - fampanomezana ireo fahalàlana sy fahakinganana ilaina eo amin'ny sehatry ny matematika sy siansa, ny hai-raha, ny siansa momba ny olona ny zava-kanto ary ny fanatanjahantena ary izany dia mba ahafahany manohy ny fianarany amin'ny sehatra manaraka..	
And. 43 - Ny fanabeazana fototra dingana faha- roa, omena any amin'ny kolejy dia manana tanjona toy izao: -fanamafisana ny fahaiza-manao ilain'ny mpianatra eo amin'ny fiainana andavanandro: mamaky teny, mifandray am-bava sy an-tsora- tra sy amin'ny tenim-pireneny ary fifehezana teny vahiny roa -fampanomezana ireo fahalalàna sy fahakingana ilaina eo amin'ny sehatry ny matematika , ny siansa, ny hai-raha, ny siansa momba ny olona, ny zava-kanto ary ny fanatanjahan-tena ary izany dia mba ahafahany manohy ny fianarany amin'ny sehatra manaraka na mba fahafahany miditra ao amin'ny lalam-piofanana momba ny fiofanana amin'ny asa aman-draha- raha na koa mitsofoka ao amin'ny fiaraha- monina. Ny faran'ny dingana dia sandaina	**And.43** - Ny faran'ny dingana voalohany dia Sandaina amin'ny fanomezana"certificat" -Ny faran'ny dingana faharoa dia sandaina amin'ny "brevet"	

amin'ny "brevet".		
And. 46 - Maharitra telo taona ny fampianarana Ambaratonga faharoa	**And. 46** - Maharitra roa taona ny fampianarana Ambaratonga faharoa.	Araka ny endriny vaovao

Izany ary Ramatoa sy Andriamatoa Parlemantera isany no antonanton'ity volavolan-dalana ity izay arosoko am-boninahitra ho eo ambany fankatoavanareo.

Antananarivo, faha 24 Novambra 2005

Ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena

,

Stangeline RALAMBOMANANA RANDRIANARISANDY.